



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY SALAMO
– LES PSAUMES

Alatsinainy 30 nôvambra 2020
Lundi 30 novembre 2020

NY LALANA ROA : NY TOMPO SY NY VOAHOSONY (Salamo 1 & 2)
– LES DEUX VOIES : LE SEIGNEUR ET SON OINT (Psaumes 1 & 2)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

« Manompoa Ny TOMPO amin'ny fahatahorana ary mifalia amin'ny fangovitana » (Sal. 2, 11) – « *Servez l'Eternel avec crainte et réjouissez-vous avec tremblement* » (Ps. 2, 11).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Cantique) 753, 1 sy (et) 4 : Hiaraka Aminao Jeso :

Fiverenana :

*Tiako ny hiaraka Aminao Jeso
Na aiza na aiza hitondrano ahy
Tiako ny hiaraka Aminao Jeso
Fa lanao no miantso ahy.*

1. Hiaraka Aminao aho, ô ry Jeso Tompoko
Tsy manana olon-kafa aho fa lanao no fiainako
Hanara dia Anao : izay no faniriako
Hifikitra Aminao aho, Jeso !
4. Hiaraka Aminao aho, ô ry Jeso Tompoko,
Hibanjina ny Ray, Tompo Andriamanitro.
Hanara-dia Anao : izay no faniriako.
Izay misy Anao no hisy ahy Jeso.

Teksta 1 – Texte 1 : Salamo (Psaumes) 1, 1-6 :

1 Sambatra ny olona izay tsy mandeha eo amin'ny fisainan'ny ratsy fanahy, ary tsy mijanona eo amin'ny lalana falehan'ny mpanota, ary tsy mipetraka eo amin'ny fipetrahan'ny mpaniratsira 2 fa ny Lalàn'Ny TOMPO no sitrany. Eny, ny Lalàny no saintsaininy andro aman'alina. 3 Dia tahaka ny hazo ambolena eo amoron'ny rano velona izy, izay mamoa amin'ny fotoany, ny raviny koa tsy mba malazo, ary ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa.

1 Heureux l'homme qui ne suit pas le conseil des méchants, qui ne s'arrête pas sur la voie des pécheurs et ne s'assied pas en compagnie des moqueurs, 2 mais qui trouve son plaisir dans la Loi de l'Eternel et la médite jour et nuit ! 3 Il ressemble à un arbre planté près d'un cours d'eau : il donne son fruit en sa saison, et son feuillage ne se flétrit pas. Tout ce qu'il fait lui réussit.

4 Fa tsy mba toy izany ny ratsy fanahy fa toy ny akofa aelin'ny rivotra izy. 5 Ary noho izany ny ratsy fanahy dia tsy hahajanona eo amin'ny fitsarana, na ny mpanota eo amin'ny fiangonan'ny marina.

4 Les méchants, au contraire, ressemblent à la paille que le vent disperse. 5 Voilà pourquoi les méchants ne résistent pas lors du jugement, ni les pécheurs dans l'assemblée des justes.

6 Fa fantatry Ny TOMPO ny lalan'ny marina, fa ny lalan'ny ratsy fanahy kosa dia mankany amin'ny fahaverezana.

6 En effet, l'Eternel connaît la voie des justes, mais la voie des méchants mène à la ruine.

Fanamarihana 1 – Commentaires 1 : Izay mankatoa Ny TOMPO dia sambatra tokoa - Celui qui obéit au Seigneur est vraiment heureux

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 489, 1 sy 4 : Tena sambatra sy maha-te ho tia :

1. Tena sambatra sy maha-te ho tia
Izay masim-po, madio fisainana
Fa miara-dalana, mifankatia
Amin'Andriamanitra Fiainana.

Fiverenana :

Masina tokoa re ny Tompo.
Tianay mba ho masina
Saina tena sy fanahy
Ka fiainan-danitra tokoa.
No santarin'izay mino sy manoa.

4. Miaraha lalana amin'i Jesosy
Fa ny fahavalo ta-hamotraka.
Mijoroa, reseo ny toetra mampihosina
Ao anaty loto sy ny fotaka.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Salamo (Psaumes) 2, 1-6 :

1 Nahoana no mitabataba ny jentilisa, ary misaina anoano foana ny firenena ? 2 Ireo mpanjakan'ny tany mitsangana, ary ny mpanapaka miara-mioko hanohitra Ny TOMPO sy ny Voahosony ka manao hoe : 3 « Aoka hotosantsika ny famatorany, ka hariantsika hiala amintsika ny famehezany ».

1 Pourquoi cette agitation parmi les nations et ces préoccupations dépourvues de sens parmi les peuples ? 2 Les rois de la terre se soulèvent et les chefs se liguent ensemble contre l'Eternel et contre son Oint : 3 « Arrachons leurs liens, jetons leurs chaînes loin de nous » !

4 Izay mipetraka any an-danitra mihomehy, ny Tompo maneso ireo. 5 Dia hiteny azy amin'ny fahavirinany Izy ka hampangorohoro azy amin'ny fahatezerany hoe : 6 « Izaho kosa efa nanendry ny Mpanjakako tambonin'i Ziona, tendrombohitro masina ».

4 Celui qui siège dans le ciel rit, le Seigneur se moque d'eux. 5 Puis Il leur parle dans sa colère, Il les épouvante dans sa fureur : 6 « C'est Moi qui ai établi mon roi sur Sion, ma montagne sainte ».

Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 : Tsy afa-manoatra eo anatrehan'ny Mpanjaka nofidian'Andriamanitra ny mpanjakan'ny tany - Les rois de la terre ne peuvent rien contre le roi choisi par Dieu

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mana-manjo - *pour les endeuillés*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) FF46, 1-2 : Mba tantanonao, ry Raiko :

1. Mba tantanonao, ry Raiko, izato lalan-janakao
Ny mifidy toa tsy haiko fa maniry indrindra Anao.
Hitanao ny adi-saina mitambesatra ao an-doha

- Izany tsikin'ny maraina toa ela vao hifoaha.
2. Moa diso ny safidiko raha mandroso ka mankao
Sa ity làaa-nofinidiko dia tsy ilay voasoritrao.
Tanteraho ny faniriako, ô ry Tompo tena tia
Fa ity zavatra iriko : masina amiko doria.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Salamo (Psaume) 2, 7-12 :

7 Hilaza zava-boatendry Aho. Ny TOMPO nilaza tamiko hoe : « Zanako lanao, Izaho niteraka Anao androany ». 8 Mangataha Amiko, dia homeko ho lovanao ny jentilisa ary ny faran'ny tany ho fanananao. 9 Hotorotoroinao amin'ny tehim-by izy, toy ny famaky vilany tany no hanamontsamontsananao azy.

7 Je veux proclamer le décret de l'Eternel. Il m'a dit : « Tu es mon fils, Je T'ai engendré aujourd'hui ! 8 Demande-le-Moi, et Je Te donnerai les nations en héritage, les extrémités de la terre en possession. 9 Tu les briseras avec un sceptre de fer, Tu les briseras comme le vase d'un potier ».

10 Ary amin'izany dia hendre ianareo ry mpanjaka, minoa anatra ianareo, ry mpitsaran'ny tany. 11 Manompoa Ny TOMPO amin'ny fahatahorana ary mifalia amin'ny fangovitana. 12 Manoroa ny Zanaka fandrao ho tezitra Izy ka ho very eny an-dalana ianareo, fa vetivety dia hirehitra ny fahatezerany. Sambatra izay rehetra mialoka Aminy.
10 Et maintenant, rois, conduisez-vous avec sagesse ! Juges de la terre, laissez-vous instruire ! 11 Servez l'Eternel avec crainte et réjouissez-vous avec tremblement. 12 Rendez hommage au Fils, de peur qu'il ne s'irrite et que vous n'alliez à votre perte, car sa colère s'enflamme rapidement. Heureux tous ceux qui se confient en Lui !

Fanamarihana 3 – Commentaires 3 : Ny Fanjakan'ny Zanakin'Ny TOMPO – Le Règne du Fils de l'Eternel

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 307, 1 sy 5 : Iza no hanompo :

1. Iza no hanompo an'i Jeso soa ?
Iza no hanaiky, mba ho Azy moa ?
He, ny hatsarany ! He, ny antra be !
Izy ta-hamonjy ka meteza re.

Fiverenana :

*Jeso Tomponay ô, indreto izahay,
Avy mba hanaiky ka mandraisa anay.*

5. Iza no hazoto mba hiasa moa ?
Iza no handroso mba ho hendry koa ?
Iza no hanaiky, iza re ? : Lazao
Mba ho an'i Jeso izao anio izao.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Salamo (Psaume) 24, 3-10 :

3 Iza no hiakatra any an-tendrombohitry Ny TOMPO ? Ary iza no hitoetra ao amin'ny fitoerany masina ? 4 Izay madio tanana sy mahitsy fo, izay tsy manandratra ny fanahiny ho amin'ny lainga, na mianiana hamitaka. 5 Handray fitahiana avy amin'Ny TOMPO izy, ary fahamarinana avy amin'Andriamanitry ny famonjena azy. 6 Izany no taranaka mitady Azy, izay mitady ny Tavanao, dia i Jakoba [Na : izay mitady ny Tavanao, ry Andriamanitr'i Jakoba].

3 Qui pourra monter à la montagne de l'Eternel ? Qui pourra se tenir dans son lieu saint ? 4 Celui qui a les mains innocentes et le cœur pur, celui qui ne se livre pas au mensonge et qui ne fait pas de serments trompeurs. 5 Il obtiendra la bénédiction de l'Eternel, la justice du Dieu de son salut. 6 Telle est la génération de ceux qui Te cherchent, qui aspirent après Toi, Dieu de Jacob !

7 Asandrato ny lohanareo, ry vavahady, ary misandrata ianareo, ry varavarana fahagola [Na : mandrakizay], mba hidiran'ny Mpanjakan'ny Voninahitra. 8 Iza izao Mpanjakan'ny Voninahitra izao ? Ny TOMPO mahery Tsitoha, Ny TOMPO mpiady mahery.

7 Portes, élevez vos linteaux ! Elevez-vous, portes éternelles ! Que le Roi de Gloire fasse son entrée ! 8 Qui est ce Roi de Gloire ? L'Eternel, si fort et si puissant, l'Eternel puissant dans les combats !

9 Asandrato ny lohanareo, ry vavahady, ary manandrata ny lohanareo, ry varavarana fahagola, mba hidiran'ny Mpanjakan'ny Voninahitra. 10 Iza àry izao Mpanjakan'ny Voninahitra izao ? Ny TOMPO, Tompon'ny maro, Izy no Mpanjakan'ny Voninahitra.

9 Portes, élevez vos linteaux ! Elevez-les, portes éternelles ! Que le Roi de Gloire fasse son entrée ! 10 Qui donc est ce Roi de Gloire ? L'Eternel, le Maître de l'univers : c'est Lui le Roi de Gloire !

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont
offensés.
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des
siècles. Amen !*

Tso-drano – Bénédiction :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampamirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !

Fanirahana - Envoi :

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !

Fiangonana (Assemblée) : Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !